Blue Ventures Conservation Andavadoaka, Madagascar

conservation education research

Ny fandihadiana farany no mitatitra ny fahandringanan'ny ala any amin'ny faritra,

Ny fandroson'ny toeram-piarovan'ny faritra Velondriake dia mandeha tsara, ny fanadihadiana no manamporofo fa ny fanabeazana momba ny tontolo iainana no fototry ny fahombiazan'ny fiarovana; ary ny Blue Ventures no nanomboka nametraka toeram-pitsaboana misahana ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana ao Andavadoaka.

Research Update, Jolay sy Septambra 2007

Ny mponina sy ny manam-pahaizana momba ny tontolo iainana dia nanatontosa fanadihadiana vaovao ary niroso amin'ny fametrahana ara-panjakana ny faritra Velondriake, p. 1

Ny fanadihadiana vaovao no manaporofo fa ny fanabeazana momba ny tontolo iainana dia zava-dehibe iankinan'ny fahombiazan'ny asa fiarovana, p. 3

Nanokatra toeram-pandrindrana ny fiainam-pianakaviana sy nametraka vondron'ny mpitsabo ny Blue Ventures, p. 4

Ny Blue Ventures niaraka tamin'ireo mponina dia nahavita dingana lehibe amin'ny fampandrosana ny asa fiarovana tontonsain'ny mponina mikasika ny Velondriake.

Tao anatin'ny volana vitsivitsy no nanatantehan'ny Blue Ventures asa maro misahana ny lafiny ara-tsiantifika, ara-panjakana ary ny fiaraha-monina aman-toe-karena hampandrosoana ny fampandehanan'ny Toeram-piarovana Velondriake

Teo anelanelan'ny volana Jolay sy oktobra, no nanatontonsan'ny Blue Ventures fanadihadiana tamin'ireo tanàna maro ao anatin'ny faritra Velondriake izay mirefy 800 m^2 mba hamaritana ny fahalalan'ny mponina momba ny harena voajanahary misy any aminy, ny loza mandindona ireny harena ireny ary ny dingana eritreretiny fa tokony atao sy takian'ny fitantanana izany

Ny antontan-kevitra dia ampiasaina hamolavolana drafitra fitantanana izay tokony ankatoavin'ny maro an'isa, ka fantatry ny mponina ary tontosainy.

Ireto ny fanontaniana napetraka tamin'ireo mponina:
Inona avy ireo harena voajanahary na toeram-ponenana misy any aminy? Manao ahoana ny toetoetrany?
Inona ny loza manambana an'ireny toeram-ponenana ireny?
Faritra inona no simba?
Ahoana no fomba nahasimba azy ireny?
Inona ny antony nahasimba azy?
Inona ny fiantrakany?
Iza no tompon'andraikitra?

Niara-niasa akaiky tamin'ny mponina teny an-toerana ihany koa ny Blue Ventures tamin'ny famaritana ny fizaram-paritra, izay mamaritra ihany koa ny asa azo tanterahana any amin'ilay faritra tsirairay ao anatin'ny Velondriake.

Ny Blue Ventures, nampian'ireo mponina tany an-toerana dia nanatontosa fanadihadiana toeram-ponenana maro teo amin'ny 40 km nanaraka ny moron-dranomasin'ny Velondriake. Ny mpanjono sy ny ray amandreny no niara-niasa tamin'ny manam-pahaizana to amin'ny BV mba hamaritra ireo vatohara miisa 28, ampiasaina ho toeram-panjonoana, ary ny 13 amin"izy ireny no nanaovana fanadihadiana.

Ny mponina dia nahatsikaritra fa tsy dia misy loatra ny vatohara "fringing", izay mitombo any amin'ny rano marivo, manamorona ny moron-dranomasina ary toeram-ponenanan'ny karazan-trondro maro. Noho izany antony izany, ny Blue Ventures no namaritra samirery ny toeran'ny vatohara fringing tany amin'ny faritra sady namita ny fanadihadiana tamin'ny ampahany betsaka tamin'izy ireny izay tany atsimon'ny Velondriake. Ny fandihadiana ny vatohara fringing any amin'ny faritra avaratra dia atomboka tsy ho ela.

Ho fanampin'ny fandrafetana ny sary ankapoben'ny firaisan'ireo vatohara samihafa ao amin'ny Velondriake, ny Blue Ventures dia nanatontosa koa fanadihadiana momba ireo ala honko lehibe ao anatin'ny Velondriake, ny ahidrano ary ny toeram-ponenana hafa izay ampiasaina ho tahirin-trondro. Ny fandihadiana momba ny isan'ny trondro sy ny karazany any amin'ireny faritra ireny dia efa ho atao koa.

Nohon'ny halehiben'ny Velondriake –800 km tora-droa – ny fanadihadihana ny toeram-ponenana tsirairay dia tsy ho afaka atao amin'ny antsipiriany. Kanefa, zava-dehibe ny mahafantatra amin'ny ambagonvangony ny karazana toeram-ponenana misy. Avy amin'izany, ny drafitry ny fizaram-paritry ny Velondriake dia azo tontosaina mba hahafahana miaro ny firaisan'ny tontolo iainana voajanahary rehetra voarakitra ao.
Manampy izany drafitra fiarovana izany, ny dingana lehibe ilaina amin'ny fametrahana toeram-piarovana eto Madagasikara dia ny fahazoana ny fankatoavan'ny fanjakana. Ny fanjakana dia manambara ny faritra voatokana iray ho toeram-piarovana mandritry ny valo ambinifolo volana aloha, ary omeny fotoana ny mpitantana izany faritra izany hanaporofoany fa ilay faritra dia tena mendrika ny atao ho toeram-piarovana tokoa. Raha tanteraka izany, dia lasa toeram-piarovana maharitra ilay faritra ary mahazo ny fankatoavana amin'ny maha-toeram-piarovana nasionaly azy.

Mba hahafahana mameno ny fepetra takian'ny toeram-piarovana vonjimaika, Ny Velondriake dia tokony hanolotra ny drafi-pitantanana amin'ny antsipiriany ho dinihana sy ny fanadihadiana momba ny fiantraikany eo amin'ny fiaraha-monina sy ny tontolo iainana. Ny fehin'ny asan'ny Blue Ventures eo amin'ny lafiny sinatifika sy ara-piaraha-monina aman-toe-karena no tena andry iankinan'ny fangatahana.

Nanomboka tamin'ny taona 2005, ny Blue Ventures dia nanao fanarahamaso ara-piaraha-monina aman-toekarena ("SocMon") tao Andavadoaka sy ireo tanàna manodidina ao Ampasilava sy Lamboara, nahavita ny fahafantarana ny toetry ny faritra ary ny fototry ny fiovan'ny fanarahamaso izay ho tontosaina amin'ny ho avy. Tamin'ny taona 2007 no naparitaka ny asa fanaraha-maso hahenika ireo tanàna 25 mandrafitra ny tambazotran'ny Velondriake mba hamaritana ny fiantraikan'ny fitantanana ny harena an-dranomasina eo amin'ny lafiny fiaraha-monina aman-toekarena, ohatra ny toeram-piarovan'ny orita su ny fandidina ny asa fanjonoana.

Ny vokatry ny fandaharanasa SocMon dia manampy ny mponin'ny Velondriake handray anjara feno amin'ny famolavolana ny drafitra sy ny fizotry ny fitantanana. Avy amin'ny alalàn'ny antontan-kevitra no afahana mamantatra ny fomba fijerin'ny mponina sy ny fomba hisandany ny harena an-dranomasina eo an-toerana ary manampy ny manam-pahaizana mandrafitra ny paikadim-pitantanana ny asa fiarovana izay sahanin'ny mponina.

Gildas Andriamalala izay Mpandrindra ny Fikarohana mikasika ny fiaraha-monina aman-toekarena no vao avy nahavita ny fanadihadiana tamin'ny tanàna folo ary nahita zava-baovao ho an'ny fitantanana ny Velondriake.

Ny fanadihadiana dia nanambara fa ny fihevitry ny mponina ny harena voajanahary misy any aminy ao anatin'ny Velondriake dia miova araka ny tanàna. "Ny antony dia nohon'ny hamaroan'ny toeram-ponenana any amin'ireo tanàna ao anatin'ny Velondriake sy ny fampiasan'ny tanàna tsirairay azy nefa tokana ny rafitry ny fahefana isaky ny tanàna" hoy Atoa Gildas, "Izany dia midika fa ny asa atao dia tokony isan-tanàna ary ny mponina amin'ny tanàna tsirairay avy dia tokony samy hanolotra ny vahaolana mifanandrify amin'ny olany avy. Ny tanàna tsirairay miaraka amin'ny fanohanan'ny Blue Ventures no afaka mamaha ny famahofahon'ny toe-javatra misy"

Ny fikarohana nataon'Atoa Gildas koa dia namosaka fa misy fifindra-monina ataon'ireo mponina ao anatin'ny Velondriake mankany amin'ny tanànan'ny Belo sy Maintirano isa-taona mba hanjono. Ny Ben'ny tanàna ny Belo dia tsy manaiky izany fifindra-monina izany ary nametraka lalàna vaovao mba hamerana ny zon'ireo mpanjono mpifindra monina. Voatery niverina nody tany an-tanànany avy ireo mpifindra monina tamin'ny volana novambra ka ho tohizana ny fanadihadina" hoy ny filazan'Atoa Gildas.

Ny asan'i Gildas dia nampiseho fa ireo fandraisan'anjaran'ny mponina ao amin'ny Velondriake dia mifandray akaiky amin'ny tombontsoa eritreritiny ho raisiny. "Ny mponina dia manantena ny handray tombontsoa mivantana avy amin'ny tetikasa, nefa afaka taona maromaro mifandimby vao hahita izany vokatra ny valanjavaboaharary izy ireo" hoy Atoa Gildas, "Eo am-piandrasana izany dia tsy maintsy mikaroka fomba hasolo izany sy entina hanatsarana ny fiainana an-davanandro". Ny tetikasa fampandrosoana maharitra tontosain'ny Blue Ventures momba ny fiompiana zanga, ny fatana mandeha amin'ny fandoro mahomby, ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviana, ny fiofanana ireo mpitaridia dia iankinan'ny fahombiazan'ny Velondriake. Ilaina ny mampitombo ny ezaka vita amin'ireny sehatra ireny mba hanolorana tombontsoa haingana ho an'ny mponina.

Ireo famakafakana farany no mampiseho ny fandringanan'ny ala any Atsimo Atsinanana

Nampiasa sary azo avy amin'ny zana-bolana ny Blue Ventures mba handinihana ny fiovana misy amin'ireo ala mandrakotra ny faritra Andavadoaka ary dia tsapa tokoa fa manahirana ny fironany. Ny sary, izay nangonin'ny Conservation International vao haingana, dia mampiseho fa taloha ny taona 1975, ny ala dia nandrakotra ny 65% ny velaratany eo amin'ny 30 kilometatra manodidina ny Andavadoaka; Tany amin'ny taona 2000, dia nihena ho 60% izany. Ny vaovao mahafinaritra dia milaza fa ny faharinganan'ny ala ankehitriny dia nihena ho manodidina ny 0,1% isan-taona.

Fa ny sary lehibe mikasika ny faritra dia mampatahotra. Ny ala mandrakotra ny manodidina ny Toliara, izay renivohitry ny faritra, mizotra mankany Andavadoaka; dia nihena teo amin'ny 60% ka hatramin'ny 45% nandritry ny 25 taona. Ny faharinganan'ny ala dia avy amin'ny fitomboan'ny filan'ny mponina miisa 200.000 hazo atao kitay.

Ny famakafakana ny sary avy amin'ny zana-bolana nataon'ny Blue Ventures dia manambara fa ny ala mandrakotra ny faritra Toliara dia nihena 15% teo anelanelan'ny taona 1975 sv 2000.

Ny tena mampanahy dia ny fihenan'ny ala tsy mitsaha-mitombo any amin'ny sisiny atsinanana ny ala Mikea, izay any avaratr'Andavadoaka. Teo anelanelan'ny taona 1990 sy 2000, ny mpamboly dia nitetika ny ala sy ny zavamaniry hafa teo amin'ny manodidina ny 1% teo isan-taona. Ny vidin'ny katsaka eo amin'ny tsena iraisam-pirenena sy ny toerana manodidina ny Toliara no antony nahatonga izany fandringanana izany.

Tsy azo antenaina fa haharitra ny tahan'ny fandringanana ny ala. Ny ala voatetika ahazoana tany hambolena katsaka dia tsy haharitra afa-tsy 3-5 taona alohan'ny hifindran'ny mpamboly toerana. Ny vokany dia, atahorana hitohy ny fanimbana ny ala ka hitarika ny fitapatapahan'ny ala Mikea, izay fandrahonana ho an'ny zavamananaina eo amin'ny faritra sy ny fomba fiainan'ny foko Mikea izay mipetraka anaty ala, izay vondron'olona sisa mivelona amin'ny fihazana sy ny fiotazana eto Madagasikara.

Ny ala maina sy mihitsan-dravina any amin'ny faritra atsimo sy atsimo andrefan'ny Madagasikara dia anisany firaisan'ny tontolo iainana miavaka tokoa nefa tena tsy voaaro loatra eto Madagasikara. Ny ala Mikea, izay ohatra iray amin'ny teoram-ponenana tokana, dia tsy mba manana lalàna miaro izany. Ankoatra ny foko Mikea, ny ala dia toerana hanirian'ny zavamaniry maro sy iveloman'ny karazana biby mandady maro, izay tsy ahitana izany any an-toeran-kafa eto an-tany, ambonin'izany ireo karazana vorona roa: ny subdesert mesite (*Monias benschi*) sy long-tailed ground-roller (*Uratelornis chimaera*).

Ny famakafakana ny fahombiazan'nyToeram-piarovana natao tamin'ny fotoana fohy (NTZs)

Ny toeram-piarovana (NTZs)- faritra an-dranomasina izay voarara ny fanjonoana mandritra ny fotoana voafetra isa-taona – dia nahomby tany amin'ny faritra atsimo andrefan'ny Madagasikara nanomboka tamin'ny taona 2004 ka nampivoarana ny fitomboan'ny karazana orita (entana lafo vidy any amin'ny faritra) ary nampitombo tanteraka ny fihazan'ny mponina azy. Ny toeram-piarovana dia natsangana tao amin'ny Kaominin'ny Befandefa; izay toerana misy an'Andavadoaka, ho famaliana ny fitontongan'ny hazan'orita, izay nolazain'ny besinimaro fa vokatry ny fahatongavan'ny fikambananam-barotra momba ny jono, Copefrito sy Murex. Ny jono orita izay asa miantoka ny fivelomana an-davanandro, dia lasa nahodina ho tonga orinasam-barotra, ka nampitombo ny sandan'ny orita sy ny isan'ny haza natao.

Ny Toeram-piarovana orita (NTZ) dia natsangana tao amin'ny ranomasina manodidina ny Nosy Fasy, nosy kely eo amin'ny 5 km miala an'Andavadoaka. Ny fanidiana voalohan'ny fanjonoana dia natomboka tamin'ny volana novambra 2004 hatramin'ny jona 2005. Izany faharetany izany dia noeritreretin'ny manam-pahaizana ho ampy mba hitomboan'ny orita sy ny habeny.

Ny famakafakana ny fanidiana nataon'ny Blue Ventures tamin'ny taona 2006 dia nampiseho fa izany dia nitarika ny fitombon'ny orita sy ny lanjany nisongadina tamin'ny fiakaran'ny isan'ny orita voahaza milanja 500g ho 32%, tamin'ny fiandohan'ny famakafakana ka hatramin'ny fiafarany. Izany dia niteraka fanohanana tao amin'ny mponina eny an-toerana ho amin'ny fampiharana indray ny Toeram-piarovana. Saingy, ny mponina dia naniry ny fanidiana fohy, satria ny rehetra dia niara-nanaiky fa ny fanidiana ny jono any amin'ny toerana anisan'ny toeram-panjonoany mandritry ny fito volana dia nampihena ny fidiram-bolany, izay tsy azony nekena mihitsy. Noho izany, nisy ny fampiraharahana izay nanomboka tamin'ny fametrahana tambazotra ny toeram-piarovana fohy nandritry ny roa volana, manerana ny Kaominin'ny Befandefa, izay notantanan'ny mponina tany an-toerana, niaraka tamin'ny fitarihan'ny Blue Ventures. Ireo fanidiana ny jono ireo dia nihatra tamin'ny toerana maro anelanelan'ny volana mey ka hatamin'ny volana septambra 2006.

Ny mpianatra manana diplaoma ambony tao amin'ny Sussex University dia tonga tao Andavadoaka nanao fikarohana momba ny fahombiazan'ny toeram-piarovana nandritry ny roa volana. Nitsidika toerana nidina 4 izy - Bekabo, Nosy Kara, Magnahitse and Sasavabo – niaraka tamin'ny mpiasan'ny Blue Ventures Rabenary nanangona raki-kevitra momba ny toetry ny endrim-batana sy momba ny antony hanaovana izany ho toerana mety hanjonoana orita (ohatra ny halalin'ny rano, ny toetry ny toerana: mamasika, misy vato sa misy sokay; ny toetry ny toerana ampitahaina amin'ireo toeram-panjonona hafa)

Nitsidika ny tanànan'ny Tampolove, Lamboara sy Andavadoaka koa Ali nanontany ireo mpanjono

tany an-toerana mikasika ny heviny momba ny fanidiana fohy sy ny heviny momba ny fotoana tokony hanidiana ny toerana ao anatin'ny taona iray. Ny Filohan'ny Komitin'ny Velondriake sy ny Filohan'ny Kaominin'ny Befandefa dia nanontaniany koa ny heviny momba ny vinavinam-pitantanana ny fanidiana.
"Ny diako hatrany Andavadoaka sy ny tanàna manodidina dia tsy hitako ho sandaina mihitsy satria nahafahako nampibaribary ny zavatra voakasiky ny fananganana tambazotra ny toeram-piarovana sy ny fomba fihetsiky ny mpanjono, izay olona iantefan'ny drafitra fitantanana" hoy i Ali. Ny sary ankapobe tadidiko dia ny fahatsapan'ny olona ny fanidiana fohy ho fomba tsara mba hampitomboana ny isa sy ny haben'ny orita hangonina. Ny raki-kevitra notontosain'i Ali dia azo jerena ao amin'ny tranokalam-pifandraisan'ny Blue Ventures tsy ho ela.

Ny Blue ventures dia manana vokatra mialoha momba ny fanidiana fohy ny toeram-piarovana notontonsaina tamin'ny taona 2007.

Ny fanangonana orita dia voarara anelanelan'ny volana jolay sy septambra 2007 izay mifanojo amin'ny fotoana itomboan'ny zanak-orita. Izany dia miantoka ny fahatratrarany ny famatorany sy ny habeny alohan'ny hanagonan'ny mpanjono azy any an-toerana. Ny fotoana ririnina dia fotoana manana ny lanjany nentim-paharazany eo amin'ny mpanjono. Ny fanekeny tsy hanjono amin'iny fotoana iny dia mitaratra ny fanohanany tsy manam-petra ny paikady mikasika ny Toeram-piarovana.

Isaky ny tanàna dia nametraka tarika ny Blue Ventures mba hanangona tahiri-kevitra momba ny vokatry ny toeram-piarovana tamin'ny 2007. Ny tarika dia misy ny filohan'ny tanàna; ny mpikambana ny Komitim-pitantana ny Velondriake ary ny mpiasan'ny Blue Ventures. Rehefa vita ny famakafakana ny vokatra rehetra dia hanaovan'ny Blue Ventures famelabelarana izany amin'ny tànana mba hahazoana mamolavola ny drafitry ny fanidiana manaraka.
Ny fitsikerana ny antonta-kevitra mialoha dia manambara fa ny vokatry ny toeram-piarovana dia miova arakaraka ny toerana misy azy, arakaraka ny fahazoana manjono ary arakaraka ny isan'ny tanàna tonga manangona ny orita eo am-pisokafan'ny toeram-piarovana. Izany rehetra izany dia tokony dinihana daholo eo am-pamaritana ny fahombiazan'ny toeram-piarovana na eo am-pananganana ny drafitry ny toeram-piarovana vaovao.

Ohatra amin'izany, ny Toeram-piarovana ao Belavenoke dia avo tokoa ny levin'ny haza ataon'ny mpanjono isanisany eo am-pisokafany- 2,98 kg isaky ny mpanjono- izay mifanaraka amin'ny vinavina. Fa ny toeram-piarovana ao Lamboara, Tampolove ary Bevato dia ambany ny haza isaky ny mpanjono – O,94 kg fotsiny. Izany dia noho ny halavitry ny toeram-piarovana, rehefa akaiky ny tanàna dia manintona mpanjono betsaka tonga mihaza izany rehefa tonga ny andro fisokafany.

Ny famakafakana ny sary nalain'ny mpikarorka teratany frantsay iray, Pichon dia nampiseho ny vatohara fisaka tany amin'ny taona 1970 tany, ka nampiseho ny saha matevina misy ny zavamananaina sokay. Ankehitriny dia sarotra ny mahita ny zavamananaina sokay mivelona eny amin'ny vatohara fisaka, nohon'ny asa fanangonana betsaka ny orita**.**

Ny vatohara fisaka salama- mandrakitra toerana maro- dia zava-dehibe tokoa tho amin'ny faharetan'ny orita izay mivelona sy mitombo any amin'ireny toerana ireny. Ny fitomboan'ny zavamananaina sokay

maharitra dia ilaina mba hampifandanja ny fikoana ara-voajanahary ny vatohara.

Ny fanimbana noho ny fanjonona diso tafahoatra amin'ireny vatohara ireny –miaraka amin'ny fiovaovan'ny toetry ny andro izay mitarika ny fitombon' ny hafanan'ny rano dia mamono ny biby sokay- mandondona ny orita sy ny asa fanjonona any amin'ny faritra.
Ny manam-pahaizana ao amin'ny Blue Ventures dia mikaroka fomba hananganana ny toeram-piarovana maharitra mahakasika ny vatohara fisaka, na ny toeram-piarovana miverimberina izay manome làlana ny zavamananaina sokay sy ny rafim-batan'ny vatohara mba hatafaverina ny fahasalaman'ny vatohara noho ny fanangonana ny orita. Ny asa fiarovana dia hiarahana arafitra amin'ny mponina any an-toerana mba hahazoana ny tombontsoa avy amin'ny toeram-piarovana.

Ny fanabeazana ùomba ny tontolo iainana iankinan'ny fiarovana ataon'ny mponina

I Lucia Cresti, izay mpianatra avy amin'ny Onivesiten'ny Sussex dia nitsidika an'Andavadoaka tamin'ny lohataona lasa teo mba handinika ny asa fanabeazana momba ny Tontolo iainana tontosain'ny Blue Ventures. Ao anatin'zany ny Alo Alo, izay Fikambanan'ny ankizy momba ny tontolo iainana; ny fanofanana ny mponina eny an-toerana ho mpitaridia amin'ny zahavoahary, ny fandaharanasa momba ny fanofanana ny fisitrihana ho an'ny mponina any an-toerana sy ny fianarana ny fiteny anglisy.

Amin'ny alalan'ny fandaharanasa fanabeazana momba ny tontolo iainana, ny Blue Ventures dia manantena fa ny fahatsapan-tenan'ny mponina any an-toerana sy ny fanohanany ny asa fiarovana dia manome azy ireny fahalalana sy ny fahaiza-manao ilainy mba hiarovany ny harena voajanahary izay miantoka ny fivelomany.
Ny fandaharanasa momba ny fanabeazana dia mikendry olona maro, manomboka amin'ny zokiolona sy ny mpianatra hatramin'ny mpanjono sy ny mpanapa-kevitra.

I Lucia dia nanontany ny mponina any an-toerana mandray anjara amin'ny fandaharanasa momba ny fanabeazana, ny mpiasan'ny Blue Ventures sy ny mpiasa an-tsitrapo izay mitarika ny fandaharanasa. Nandray anjara tamin'ny lesona maro koa izy.

Ny famakafakana nataony dia mampiseho fa ny fandaharanasa momba ny fanabeazana no tena mahomby indrindra satria manome ny mpandray anjara vokatra sy tombotsoa mivantana. Ny fanabeazana momba ny tontolo iainana, araka ny hevitr'i Lucia, dia tokony mampifandray ny mponina sy ny tanjona kendreny ho amin'ny faharetany, tokony manipika ny fifandraisan'ny fampiasana ny harena any an-toerana sy ny kalitaon'ny tontolo iainana ary miantoka ny fifanarahan'ny lesona amin'ny fiainan'ny mponina.

Anisan'ny fahombiazan'ny asa nataon'ny Blue Ventures ny fanofanana ny mponina any Andavadoaka mba hanatontosa, hitantana ary hanara-maso ny toeram-piarovana an-dranomasina rehetra. Ny mponina – hatramin'ny zokiolona sy ny mpanjono – dia nandray anjara tamin'ny atrikasa momba ny fanabeazana, tamin'ny famelabelarana sy ny fifanakaloza-kevitra teo amin'ireo vondron'olona. Ny fandraisan'ny mponina anjara sy ny fifandraisana mivantana amin'ny fivelomana eny an-toerana dia manampy miantoka ny fahombiazan'ny fandaharanasa fanofanana tanteraka.

Ny tatitry ny Blue Ventures notontosain'ny mpikaroka Lucia Cresti dia manambara fa ny fandaharanasa momba ny tontolo iainana no nahomby indrindra satria nanome ny mpandray anjara tombotsoa mivantana sy azo tsapain-tànana. Ny fandaharanasa momba ny fanabeazana dia tokony hampifandray ny mponina sy ny tanjony mba haharitra, tokony hanamafy ny fifamatorana misy eo amin'ny fampiasana ny harena sy ny kalitaon'ny tontolo iainana, ary miantoka ny fifanarahan'ny lesona azo amin'ny fiainan'ny mponina.

Ny fandaharanasa miompana amin'ny hetsika samihafa – ohatra ny kilalao sy ny mozika tontosain'ny Fikambanan'ny ankizy momba ny tontolo iainana Alo Alo- dia nanamporofo ny fahombiazana momba ny fanohanana eny an-toerana sy ny fahatsapan-tena momba ny fiarovana.

Ny fanabeazana momba ny tontolo iainana dia zava-dehibe tokoa ho an'ny fiarovana sy ny toeram-ponenana sy ny fampandrosoana ny fiaraha-monina; satria izy ireo dia mifameno. Ny famakafakana nataon'i Lucia dia mamehy fa mbola mitaky ezaka sy hery hatrany ny fandaharanasa momba ny fanabeazana mikasika ny tontolo iainana izay manana fifandraisana amin'ny filàna sy ny fanirian'ny mponina, izay mifandray amin'ny asa fiarovana atao ankehitriny ka maneho tombontsoa mivantana ho an'ny mpandray anjara.

Nanokatra ny toeram-pandrindrana ny fiainam-pianakaviana ny Blue Ventures

Tamin'ny volana Aogositra farany teo, ny Blue ventures dia nanokatra toeram-pandrindrana ny fiainam-pianakaviana; manome fanabeazana momba ny fahasalaman'ny fitaovam-pananahana sy ny famerana ny fiterahana ho an'ny mponina any an-toerana.

Ny toeram-pandrindrana izay manaraka ny maodely Uk dia mameno ny asa ataon'ny fanjakana malagasy mba hampihenana ny fitomboan'ny mponina. Eritrertina ho toy ny dingana lehibe amin'ny fiadiana amin'ny fahantrana. Ny salanisan'ny ankizy ao amin'ny fianakaviana malagasy iray dia teo amin'ny 5,4 teo tamin'ny 2005, ary jerena ny taha-pitomboan'ny mponina ankehitriny dia heverina fa hitombo roa avo heny ny isan'ny mponina ao anatin'ny 20 taona. Ho goavana koa ny fiantraikany izany eo amin'ny lafiny fiaraha-monina, toe-karena ary eo amin'ny tontolo iainana. Any Andavadoaka, dia mety ho haingana tokoa izany, satria ny antsasaky ny mponina any an-toerana dia latsaky ny 15 taona daholo.

Ny toeram-pandrindrana dia nantsangan'i Dr Vik Mohan, ny Mpanolotsaina Filohan'ny Toeram-pandrindrana, taorian'ny fihaonana marobe tamin'ny mponina any an-toerana sy ny mpiray ombon'antoka maro. Ny Marie Stopes International, izay fikambanana tsy miantoka sy miasa amin'ny sehatra maro eto Madagasikara, dia namatsy sy nanolotra tohan-tafika.

Ny fikarohana taloha natao tao Andavadoaka dia nanambara fa ilaina maika tokoa ny hanomezana ny mponina ny fomba fandrindram-pianakaviana sy ny fitazaina momba ny firaisan'ny lahy sy ny vavy. Ny tovovavy dia tanora tokoa ary bevohoka sahady aorian'ny fotoana fahasomondrarany, ary vitsy ny vehivavy no mhafantatra ny ilàna ny fomba famerana ny isan'ny zaza misy. Ny mponina dia tsy mahalala mihitsy ny maha-zava-dehibe ny fiarovana ny tenany sy ny olona miaraka aminy, amin'ny fifindran'ny areti-mifindra azoa vy amin'ny firaisana, na dia betsaka aza ny angatra sy ny tety.

Ny tena mahabe fanantenana dia ny fanirian'ny vehivavy tao Andavadoaka ny hahazo vaovao hatrany sy ny afaka manaraka ny fandrindrana ny fiainam-pianakaviany.

Tamin'ny faha-15 ny volana aogositra 2007 no nisokatra tao Andavadoaka ny toeram-pandrindrana, mikarakara ny famerana ny fiterahana, ka ny fomba fanabeazana aizana misy any Angletera no hampiharina ao, ohatra amin'izany ny pilina hanina na ny fanafody atsindrona.

Tena fahombiazana tokoa ity tetikasa iray ity satria dia vehivavy 50 no tonga nanatrika ny fianarana voalohany tamin'ny Aogositra. Ny Blue Ventures dia manantena ny hanitatra ity fikarakarana ny vehivavy iray ity ankoatr'ireo tanàna 30 ao amin'ny faritry ny Velondriake. Torak'izany ihany koa ny fanapariahana ny asa fanentanana.

.Any amin'ny firenena izay ahitana fahafatesan'ny vehivavy iray isaky ny vehivavy 200 miteraka, Ny toeram-pandrindrana dia mikendry ny hanome ny vehivavy ny fotoana tiany ahazoana zanaka sy ny isan'izany. Mitondra fanatsarana ny fahasalamany sy ny kalitaon'ny fiainana ho an'ny ray aman-dreny sy ny ankizy izany. Ny toeram-pandrindrana koa dia mampianatra ny mponina hiaro-tena sy ny olona miaraka aminy, amin'ny aretina azo avy amin'ny firaisan'ny lahy sy ny vavy izay mifindra.

Ny fanampiana ny mpivady hamehy ny fahalonany, ary mandrindra ny isan'ny zanany sy ny fiainam-pianakaviany dia anisan'ny zava-dehibe ho an'ny mponina any amoron-dranomasina hiaina fampandrosoana maharitra. Ny fisian'ny tobim-pandrindrana ny fianam-pianakaviana toy izao dia fototra amin'ny fanomezan-dàlana ny fampiasana ny harena voajanahary sy hiarovana ny firaisan'ny tontolo iaianana izay marefo, nefa ianteheran'ny mponina amin'ny fivelomany.

Raha toa ka irinao ny hanohana ity asa ity dia afaka mifandray amin'ny foiben'ny Blue Ventures ianao any Angletera.

Araka ny Fikambanana British charity WaterAid, mihoatra ny 70% ny mponina eto madagasikara no tsy mahazo rano fisotro madio, ary 87% no tsy manana fitaovam-pitandroam-pahasalamana vanona. Tsy miavaka amin'izany Andavadoaka. Toy an'ireo tanàna maro any amin'ny faritra, ny rano madio dia alaina any amin'ny vovo, nefa ny olombelona dia mangery eny amin'ny toram-pasika na eny anaty kirihatra eny.

Ny famakafakana notontosain'ny Mpianatra avy any Wales, Bangor, Katrice King tamin'ity taona ity dia manambara fa ny rano ao Andavadoaka dia maloto ka mamindra aretina, izay mety hampidi-doza ny fahasalaman'ny mponina any an-toerana. Ny fitsikerana ny mikraoba no nahitana ny bakteria pitin-javamananaina E. Koli 0157 tany amin'ny vovo 5 amin'ireo fantsakana 6 eo an-tanàna. Ny fitsapana natao dia nahitana ny habetsahan'ny siran'azôta sy ny amôniôma ary ny vovoka solifiora, izay tondron'ny fisian'ny areti-mifindra avy amin'ny tain'olombelona.

Ny fitandroam-pahasalamana tsy lavorary mifandray amin'ny rano fisotro tsy mahasalamana ao Andavadoaka

Tamin'ny volana jolay sy aogositra 2007, ny mpiasa an-tsitrapo ao amin'ny Blue Ventures Elinor Bradshaw syTatiana de Dalmas no nanao fanaraha-mason'ny fanadihadiana tamin'ny fangalany ny hevitry ny olona momba ny rano sy ny fitandroam-pahasalana sy ny fahasalamana sy ny fihetsiny manoloana izany tamin'ny tokantrano 18 tao Andavadoaka, Elinor sy Tatiana dia liana manokana tamin'ny fahafantarana ny finonan'ny olona amin'ny fifandraisana ny kalitaon'ny rano sy ny tsy fisian'ny fitaovam-pitandroam-pahasalamana sy ny aretina, toy ny fivalanana sy ny aretina mpahazo ny tsinay.

Ny vokatry ny fanadihadiana dia nampiseho fa ny olona ao Andavadoaka dia nahatsapa ny harat-sin'ny rano sotroiny ary fantany ny vovo "tsara" sy "ratsy", izay ampiasainy amin'ny zavatra maro samihafa. Saingy, ny mponina dia tsy mba manadio rano mihitsy na mampangotraka izany alohan'ny hisotroina na ampiasana izany.

Arka ny fanadihadiana, ny mponina dia matetika mivalana, indrindra mandritry ny fotoana ny orana – vanim-potoana izay haneken'ny olona fa ratsy ny rano amin'iny fotoana iny. Ireo izay nanontaniana dia nilaza fa ny fangerena eny akaiky ny vovo dia olana tokoa satria mahakasika ny kalitaon'ny rano.

Betsaka ireo mponina no tsy mino fa ny aretina dia azo avy amin'ny rano maloto na misy fifandraisana amin'ny fahazarany ratsy. Ny aretina dia heveriny fa avy amin'ny fihinana sakafo ratsy na avy amin'ny asan'ny maizina.

Elinor sy Tatiana dia mahatsapa fa mila fanabeazana momba ny fahasalamana fototra sy ny fitandrom-pidiovana ny mponina. "Tokony ampianarina azy ireo ny manadio ny rano na hazavaina aminy ny maha-zava-dehibe ny fanasana ny tanàny" hoy I Elinor. "Tsy fantany mihitsy ny fifandraisan'ny loto, ny bakteria sy ny fahadiovana ho amin'ny fahasalamana".

"Tokony hisy ny fanapaha-kevitra hentitra hanomezana ny mponina rano fisotro madio toy ny fampiasana faanafody na fitaovam-panadiovana rano ain'ny vovo, na manangana vovo vaovao sy tsara" hoy Tatiana. "Ny tsy fahampian'ny toeram-pidiovana dia tokony ho vahana. Ny fanadihadiana dia mampiseho fa ny fananganana trano-pivoahana ho an'ny daholobe no tena tsara"

Nandray anjara tamin'ny atrikasa momba ny fiarovana ny Blue Ventures

Andriamatoa Roger, Filohan'ny Fikambanana Velondriake sy Garth Cripps, mpandrindra ny tetikasan'ny Blue Ventures, dia nanatrika atrikasa momba ny fiarovana ataon'ny mponina tao Ankilibe, faritra ampovoan'ny madagasikara, tamin'ny 9 ka hatramin'ny 15 septambra LASA TEO.

Ny atrikasa dia nokarakarain'i Dr. Robert Horwich, izay mpahaibiby fantadaza eran-tany, sy Dr. Jon Lyon, ekologista. Nisy ny famelabelaran-kevitra, fifanakalozan-kevitra, ny asa fampiharana. Nampiasa ohatra nalaina tamin'ny tetikasa avy amin'ny firenena 9 manerana izao tontolo izao. Ny lohahevitra dia hoe "Ahoana ny fomba Hanovana fihetsika momba ny Tetikasam-piarovana tontosain'ny Mponina". Ny atrikasa dia nanadihady ny fomba hanombohana, hitantanana sy hanaovana tombanezaka ny tetikasa fiarovana ny tontolo iainana.

"Tena azo anovozan-kevitra betsaka tokoa ny atrikasa" hoy I Roger. Nanatevina ny zavatra nianarana tao amin'ny Velondriake izany, ohatra amin'izany ny maha-zava-dehibe ny fandraisana anjaran'ny mpiray ombon'antoka rehetra araka izay mety. Tena ilaina tokoa ny fanatevenana ny fahalalana sy ny fahaiza-manao any an-tanàna, ary ny fitantanana sy ny fanaovana tombanezaka ny tetikasa dia tokony tontosaina miaraka amin'ny mponina"

Zava-dehibe tokoa ny manaiky fa ny asa fiarovana dia ezaka mifamahofaho tokoa" hoy I Cripps 'Kanefa ny fiarovana tontosain'ny mponina dia fomba tokony atao miara-dàlana amin'izany"

Ireo solontenan'ny mponina mirotsaka amin'ny asa fiaovana avy any atsimo andrefan'ny Madagasikara sy ny solontenan'ny ANGAP, WWF sy Reef Doctor dia nanatrika ilay atrikasa.

Tamin'ny jolay, ny mpandrindra ny fikarohana momba ny fiaraha-monina aman-toekarena Minna Epps dia nanatrika ny fihaonana mitondra ny lohateny " Fiaraha-monina momba ny fiarovana ny Biolozia" andininy faha 21 tany Port Africa, Afrika Atsimo.

Nandritry ny fihaonana, izay fotoana tena nety hifanakalozan-kevitra tokoa momba ny fomba hanaovana ny asa firovana, Rtoa Minna dia namelabelatra ny vokatry ny Asa fanarahamaso ny fiarahamonina aman-toekarena ankapobe ho an'ny mpitantana tetikasa any Amoron-dranomasina na "Soc Mon" tany amin'ny fivorian'ny manam-pahaizana momba ny loha-hevitra " Ny tlafiny maha-olona eo amin'ny fiarovana ny firaisan'ny tontolo iainana an-dranomasina any amin'ny faritra atsinanan'ny Oseana Indiana"

Ny fivoriana dia niompana tamin'ny maha-zava-dehibe ny fahalalana ny anjarabirikin'ny fiaraha-monina, ny toe-karena, ary ny kolotsaina eo amin'ny fahombiazan'ny fiarovana ny tontolo an-dranomasina. Ny fanoitra eo amin'ny fiaraha-monina, ny sedra ary ireo mety ho vahaolana no nifanakalozan-kevitra, ary ireo fanontaniana fototra mikasika ny fomba entin'ny toeram-piarovana an-dranomasina mitarika fiantraika ny fiainan'ny mponina